Fanabeazana ho Olom-pirenena Vanona **3**
## Manampy antsika ny PNUD sy ny USAID

Siosion-dresaka fanonganam-panjakana **2**
## Tratran'ny antsojay koa ny sekretera jeneralin'ny antoko HVM


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 16 desambra 2023 Laharana 1508 Vidiny : **600 Ar**


**Editorial** **3**
### Interdictions intempestives des autorités : du fanatisme à la paranoïa



www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Antenimieran'ny Raiamandreny ara-drazana (ARFM)** **2**
# Milaza ny hanangana governemanta governemanta an'ny Malagasy




**Fianianana eo Mahamasina** **2**
# Fanambazana vola sy Tombola no lehibe indrindra





**Facebook** **3**
### ...Ny mpandainga no miseho mampianatra fahamarinana

**Tapa-dalan'ny mpitatitra** **2**
### Mampimenomenona ny mpandeha

**Daka kely**



Tsy maintsy ho avy ny mpisiotsioka an'ialahy ry Boaikely anio a !

**ANTENIMIERAN'NY RAIAMANDRENY ARA-DRAZANA (ARFM)**

# Milaza ny hanangana governemanta : governemanta an'ny Malagasy

Nikaondoha momba ny raharaham-pirenena nandritra ny roa andro, teny Mandriambero Ambohidratrimo, ny ARFM, na ny Antenimieran'ny Raiamandreny ara-dRazana sy Foko Malagasy. Anisan'ny nivoitra tamin'ny fehin-keviny, fa hanangana governemanta izy ireo, governemanta Malagasy sy tena an'ny vahoaka Malagasy. Nangatahany koa mba hody any an-tanindrazany ao anatin'ny 72 ora ireo diplaomaty rehetra monina sy miasa eto amintsika, aleo ny Malagasy no hifandamina mahakasika ny raharaha tokantranony hoy ny fanambarana. Taorian' ireo asam-baomiera nahitana ny vaomieran'ny fampihavanana, politika sy raharaham-pirenena ary ara-drazana, dia nisy ny fehin-kevitra nivoaka narafitra ho tondrozotra, ka isan'ny nisongadina tamin'izany ny filazana fa "tsy manankery intsony ny Lalampanorenan'ny Repoblika fahaefatra, ka hiroso amin'ny fananganana fanjakana vaovao Malagasy. Ho fanatanterahana izany, hisy fananganana Governemanta hitantana ny tany sy ny fanjakana". Nahitsy sy hentitra ireo namaky ny tondrozotra:"angatahana ireo diplaomaty rehetra mba hody any an-tanindrazany avy ao anatin'ny 72 ora, fa handamina ny Tanindrazanay izahay, ka rehefa voalamina ny tanindrazana, ary miverina amin'ny Malagasy ireo Nosy Malagasy vao miverina". Raisin'ny ARFM ho fahavalon'ny Malagasy koa, hoy hatrany ny fanambarana, izay masoivoho vahiny manatrika ny fianianan'ny filoha Rajoelina izay ninia ho Vazaha, fianianana hatao eny Mahamasina anio.



*Ireo Raiamandreny ara-dRazana sy Foko Malagasy teny Ambohidratrimo.*

**Antso mivantana**

Ankoatra izany, nanao antso mivantana amin'ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka koa ny ARFM: "Iaraha-mahita fa tra-pahavoazana ny tanindrazantsika, maratra i Madagasikara ka mila vonjy, tsy misy afaka mamonjy azy afa-tsy ny zanaka nateraka.
Manainga ny teratany Malagasy rehetra na eto na any ampita hitodika amin'ny tanindrazana.
Misy ny fanaovana "investiture" ny 16 desambra izao, raha tena Malagasy marina isika dia tsy tokony hisy izany, satria raha ny tolom-panafahana 47 dia hoe miverina amin'ny Malagasy i Madagasikara, ny malagasy no mitondra ny tany sy ny fanjakana.
Mampalahelo anefa fa ny mifanohitra no misy, Governora Jeneraly no hapetraka hitantana ny firenentsika fa miala ny malagasy.
Voaota fady i Madagasikara hatramin'izao, satria dia mbola vazaha tsy tompontany no hapetraka.
Raha tena Malagasy tokoa isika ary manaja ny hasintsika dia tokony tsy hisy ho tonga hanotrona izany lanonana izany.
Tsy tokony hisy akory aza io lanonana io, fa tokony hieritreritra ireo mpikarakara raha sahy hanao izany ihany.
Raha mbola mpitondra voazanaky ny mpanjanaka no hitondra an'i Madagasikara manao ahoana ny hoavin'ity firenena ity?
Nankaiza isika tompon-tanindrazana no mijery fotsiny izao fahavoazana izao?
Eto izahay Raiamandreny tompon'ity tany ity dia manambara amin'ny vondrona iraisam-pirenena sy ireo sakaizan'i Madagasikara, mba tsy ho tonga eny Mahamasina, raha mbola misy ny fiziriziriana hanao izany fanotam-pady ny tanindrazana izany.
Ho raisinay ho fahavalon'i Madagasikara ianareo satria mbola manohana ny fanotam-pady ny tanindrazanay.
Hanangana governemanta hitantana ny tany sy ny fanjakana izahay. Na inona lazaina na inona ambara, an'ny Malagasy i Madagasikara, ka ny Malagasy no mametraka ny fitondrana sy ny fanjakana manomboka izao.
Tsy maintsy mieritreritra isika Malagasy, fa tsy maintsy hiroso amin'ny fananganana fanjakana vaovao, mahaleotena. Ho tapahina manomboka androany, fa tsy manan-kery eto Madagasikara intsony ny lalam-panorenan'ny Repoblika faha-4. Mba hahafahana manatanteraka izany, sy tsy hisian'ny fanelingelenana dia angatahana ny diplomaty sy ny rantsamangaikany rehetra eto Madagasikara, mba hody any an-tanindrazany aloha ao anatin'ny 72 ora fa handamina ny tanindrazanay izahay. Hoento any koa ny governora jeneralinareo. Mbola hamafisina ihany koa, fa rehefa voalaminay ny tanindrazanay dia eo vao mamaritra izay ho fiaraha-miasa, kanefa aza miverina eto Madagasikara raha tsy efa tafaverina amin'ny Malagasy ireo Nosy Manodidina. Madagasikara an'ny Malagasy. Malagasy no mitondra ny tany sy ny fanjakana."

***Stefa***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fitaterana

### Mampimenomenona ny mpandeha ny tapa-dalan'ny mpitatitra

Mampimenomenona ny mpandeha ny tapa-dalana ataon'ny mpitatitra amin'izao fotoana. Tato ho ato dia marobe ireo fitarainana voaray vokatry ny tsy rariny ataon'ny mpamily sy reseveran'ireny fiara fitateram-bahoaka ireny, tsy voahaja intsony ny lalàna mifehy, toy ny hoe: raha miala eo terminus dia tsy maintsy tonga any amin'ny farany, fa dia lasa tapa-dàlana ankaterena fotsiny ihany matetika. Nisy ohatra tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity, ny tsy rariny nataon'ny bus 182, tsy tonga tany amin'ny farany fa dia nihodina tampoka teo Ambanidia, nilaza fa eto ny farany, ny andro efa harivariva avy orana, lasa lena daholo indray ireo mpianatra sy ny kitapony, ny fifamaliana no azo natao, ny saran-dalana tsy naverina, lasa nandositra ilay fiara ka hoy ny rehetra hoe raha sendra ireny dia tsara raha vakiana ny fitaratra na ny kodiaran'ilay fiara, nefa efa sarotra ihany izany, fa raha misy polisy eo dia ny milaza aminy hatrany no mety. Mateti-pitranga ihany koa amin'iny fitaterana mankany Ivato iny, ny mihodina eny Talatamaty sy Imerinafovoany, raha tokony mbola ho any Ivato, ka nahatonga ny mpanjifa hilaza fa tsy rariny mihitsy nefa ny saran-dàlana dia feno tanteraka, ka tokony ho dinihan'ireo koperativa mifamezivezy amin'izany hono, sao tratry ny doro fiara eo hoy ny zokiolona sendra ny mpanao gazety ka ho sahirana. Ny olona efa tsy ampy vola atao saran-dàlana hafa intsony, ka mampalahelo. Ny fitaterana mianavaratra ihany koa "Bus H " izany, vao niainga teny am-potony dia nilaza fa Sab-Nam ity, nefa raha tonga teo Ambohitrarahaba dia nilaza fa eto ny farany, ny andro efa manondro amin'ny 7ora hariva latsaka kely, nitabataba ny mpandeha nefa nivoaka nihinana nem teny ivelany koa ry zareo, ka hoy ny mpandeha iray hilaza hoe miakara ndao isika handeha fa izaho no mamily azy, ka tonga soamantsara teo Sab-Nam, manoloana ny paositry ny polisy mihitsy ry zareo, faly ny rehetra ka ho hita izay sazy miandry ireto mpamily nihinan'ny NEM-ny ireto hoy ny rehetra.
Ny tapa-dàlana efa mampatahotra, fa ity mpamily manome fitondrana fiara ny reseverany ity no mbola vao mainka mampihorin-koditra, toy ny bus183, miala Masinandriana hatreo Ambatobe dia ny resevera no mitondra satria tsy misy polisy ireny lalana ireny, ka mampitaintaina, tokony mba ho jerena akaiky hoy ny rehetra. Ny farany moa dia tapa-dalana hafakely, toy ny loza nahazo ny bus 109 tetsy Amalamahitsy ny alarobia maraina teo, fa dia nandona mpitondra moto sy nahatapaka poteau Jirama mihitsy dia hita fa tsy mitsapa hisatra na frein akory vao miasa, fa dia faly hanangona mpandeha sy hifaninana amin'ny hafa fotsiny ihany, soa fa tsy nisy aina nahafoy. Vokatry ny gaboraraka nanomboka tamin'ny 2009 nataon-dry Rajoelina sy ny forongony avokoa izany rehetra izany.

***Beharo***

Fianianana eo Mahamasina

# Fanambazana vola sy tombola no lehibe indrindra

Ela ny ela, tsy mbola nisy ohatran'ity, tsy mbola nisy tao anatin'ny 60 taona. Lanonan-dehibe izay tarihan'ny Fitsarana avo momba ny lalampanorenana (HCC) hametrahana ilay filoha "voafidy", filoha Vazaha, no atao ka dia "Tombola" no harantiranty ho dokambarotra hahazoana olona maro ho tonga eny amin'ny kianja Barea Mahamasina anio. Ankoatr'izay, dia voalaza fa nisy koa ny fizarana vola mialohan'ny anio tany amin'ny toerana nakan'ireo olona an'izany. Mazava izao fa dia tao anatin'ny hosoka tanteraka no nikarakarana ny fifidianana ho Filohampirenena teto Madagasikara ny 16 novambra 2023 lasa teo. Tena hita fa tsy mahatoky tena, matahotra mafy ny tsy hahazo olona ny mpitondra, ka dia manaotao foana mihitsy, ka ny "Tombola" indray no andrebirebena ny vahoaka mba ho tonga maro. "Tombola lehibe" araka ny hita amin'ny doka no hosarihana ka dia izay tsara vintana no hahazo amin'izany. Dia toy izany hatrany no fitaizana azo avy amin'ity fitondrana ity hatramin'izay ka hatramin'izao, tsy mahagaga raha izao no iafaran'ny firenena, latsaka tanteraka ao anatin'ny haizin-kitroky ny fahantrana. Araka ny voalaza dia vahiny maro avy any ivelany sy ny avy eto an-toerana no ho tonga hanatrika ity "lanonana" ity, ka dia tsy maintsy atao avokoa izay fomba rehetra tsy maintsy hahafeno ny kianja be Mahamasina, mba hampiesonana indray ireo vahiny ireo fa marobe tokoa ny mpomba ity filoha lazaina fa voafidy ara-dalàna ity, nefa dia voavidy ara-dalàna ireo mpifidy. Dia ho hitantsika eo indray.

***Ny Valosoa***

Siosion-dresaka fanonganam-panjakana

# Tratra ny antsojay koa ny sekretera jeneralin'ny antoko HVM



*Ny sekretera jeneralin'ny antoko HVM.*

Mbola vao resaka siosion-dresaka fanonganam-panjakana fotsiny dia efa natao antsojay, nantsoina teny amin'ny zandary Fiadanana koa ny sekretera jeneralin'ny antoko HVM. Nohadihadiana teny amin'ny Zandary Fiadanana afak'omaly i Rasambany Alain Désiré, sekretera jeneralin'ny antoko Hery Vaovaon'i Madagasikara.
Nampanantsoina teny anivon'ny Zandarimariam-pirenena, sampana fikarohana heloka bevava Fiadanana izy. Navela nody tany an-tokantranony avy teo, rehefa avy natao famotorana nandritra ny adin'ny roa sy sasany. Raha ny nambaran'ny ao amin'ny antoko HVM, tsy misy fitoriana mazava natao taminy, fa siosion-dresaka fikomiana sy fanonganam-panjakana no voalaza fa nampanantsoina azy. Nilaza ny filoha mpanorina ny HVM: Hery Rajaonarimampianina sy ny mpandrindra nasionalin'ity antoko ity: Rivo Rakotovao, fa tsy tompon'andraikitra izy ireo amin'ny zavatra mety mitranga any ambadimbadika any.

***Niaina***

## Editorial

# Interdictions intempestives des autorités : du fanatisme à la paranoïa

Les interdictions des autorités à l'endroit de ceux qui aspirent à s'exprimer se suivent et s'empirent au fur et à mesure que la date de l'investiture, qui se tiendra le 16 décembre s'approche. La dernière en date est celle qui n'autorise pas les Fikambanan'ny ray aman-dreny ara -drazana, ARFM de se réunir au Live Hotel. Ces derniers se seraient vus interdit par le préfet de police de tenir leur rendez-vous à cet endroit comme prévu. Que cela ne tienne, l'évènement s'est déplacé à Mandriambero Ambohidratrimo à environ 15 km du capital. La réunion a pour objectif de se concerter sur la manière de trouver une alternative concevable et consensuelle à un régime Républicain sans cesse foulé au pied par les institutions en place, et de faire appliquer à la place un régime qui répond à la valeur traditionnelle, morale et socio-culturelle malagasy. Il n'y aura que des discussions et rien de plus. Les patriarches malagasy avaient noté à plusieurs reprises les dérives flagrantes de ceux qui sont censé défendre la valeur de la République, surtout celles effectuées ou émanant de l'exécutif et des autorités judiciaire, et trouvent que ce type de régime importé par le colon français plafonne et ne résous plus les aspirations du peuple. Les autorités semble voir dans les moindres gestes, aussi anodine qu'elles soient, un aspect qui dérange et se voit ainsi interdit et/ou proscrit indiquant comme argument que cela puisse causer le trouble public ou pire, porte atteinte à la sureté de l'Etat. Ce genre de mesure a débuté lorsque les collectifs des candidats ont voulu manifester leurs craintes et leurs doutes sur la sérénité du processus électoral. Pacifiquement, les C11 ont exprimés leurs désaccords sur la tenue de la date des élections et invitent les autorités en place à initier un dialogue. L'interdiction de se réunir en place public émanait du ministère de l'intérieur le mois d'octobre dernier à près d'un mois avant l'ouverture de la campagne. Les C 10 ont alors choisi un lieu clos sise à Andoharanofotsy (INSTS) mais les forces sont intervenues pour «interdire » la tenue de cette réunion. Cette geste a été qualifiée par l'opinion de burlesque. Des séries d'arrestations se suivaient par la suite. Entre autres parmi celles qui sont considérés comme abus sont celles du SG du parti TIM à Ambohijatovo, Rina Randriamasinoro et gardé durant 11 jours avant le déferrement au tribunal. S'en suivait celle du député Fetra Ralambozafimbololona, même scénario et même configuration. Tous deux se sont vus inculpé « d'incitation à une manifestation non autorisée ». Celle du parlementaire serait justifiée par le « flagrant délit » pour contourner l'immunité parlementaire, alors que son arrestation s'est effectuée en pleine période de session ordinaire. Le Pr Sammy Grégoire et le syndicaliste Barison Rakotomanga ne sont pas encore sortis de l'auberge. Ils ont été convoqués à la section criminelle de la gendarmerie de Fiadanana; enquêté et en attente de procès pour "incitation à désobéissance militaire" alors qu'ils n'ont fait que déposé une requête à prise de responsabilité face à un contexte donné et que l'appel vise à anticiper le pire. Les interdictions se suivent. Place du 13 mai interdit; les forces de l'ordre jouent le jeu et brandit les menaces de prendre des mesures au cas où les audacieux veulent désobéir. Répressions, convocations, enquêtes, déferrement, décision ressemblant à une épée de Damoclès,… De telle posture n'est plus perçue d'une simple obéissance ou d'allégeance mais va au-delà, imposant aux citoyens la servitude. L'opinion désigne cet agissement d'une attitude d'une autorité en terre conquise. Aucune considération aux interpellations éparses de la Société civile ; aux appelles incessantes des corps diplomatique ; des autorités religieuse et de surcroit, celle de la plateforme de médiation conduite par un président d'institution, qui est Razanamahasoa Christine, président de l'assemblée Nationale. Dans son dernier discours lors de l'ouverture de la session ordinaire du parlement le 17 Octobre dernier, elle fustige qu'il n'y a plus de justice à Madagascar et de déclarer à l'endroit de la justice « vous, parmi qui juge avec vos écarts de conduite en ce moment, vous aussi, vous seriez sur le banc des accusés plus tard ». La dernière interdiction en date et celle annoncée par les barons des forces de l'ordre, conduit par l'actuel chef d'Etat-major, d'interdire de hué la cérémonie d'investiture. Les sifflements sont même interdits. Le préfet de police le général Ravelonarivo d'enfoncé le clou qu'en cas de contrevenant aux « ordres », il n'y aura pas d'indulgence… et celui ou celle qui sera arrêté, sera incarcéré et attendra l'ouverture du calendrier judiciaire au mois de janvier 2024.

**RJ**

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Ny mpandika lalàna no mampianatra lalàna Ny mpandainga no miseho mampianatra fahamarinana

**Tafa Madagasikara :** ny tena olana eto Madagasikara dia ny mpandika lalàna no mampianatra lalàna, ny mpandainga no miseho mampianatra fahamarinana, ny mpangalatra no mianakendry mampianatra ny olomarina fahitsiana ary ny mpandrava fihavanana no mitory fitiavana… Indrisy ry fireneko . Raha mbola misy mahatsiaro tena dia mitsangana vonjeo ny firenena.

**Fanja Ramananandro :** indrisy hatrany amin'izay sehatra sy toerana tsy ampoizina aza. Ontsa sy onena anao aho ry fireneko SY fiangonako.

**Tafa Madagasikara : Fanja Ramananandro :** ilaina ny fitserana fa ny miasa hanarina no tena andraikitra … Aza avela hiady irery izay te hanarina.

**Miharimbola Zahonoany Ravalison :** tena marina, fa raha milaza ny marina sy mahitsy aza ianao eo amin'ny sehatra tokony handeha hoazy izany dia ianao indray no hoe manakorontana , mainka fa sehatra ivelany izay hanjakan'ny tsy fahitsiana.

**Fanja Ramananadro : Tafa Madagasikara :** afaka miara miasa ny mitovy fijery SY ny mitovy tanjona.

**Miharimbola Zahonoany Ravalison : Tafa Madagasikara :** marina mihitsy Pasitera fa mila antso avo faran'izay zokiny, io politika fanasarahana ny fivavahana sy ny fitondrana (laïcité de l'État) izay napetraky ny frantsay io no isan'ny mahapotika ny firenena izao.

**Miharimbola Zahonoany Ravalison :** izay milaza ny marina dia lazaina tokoa hoe mpanakorontana. Ohatran'ny hitako sahady fa io marina io tsy maintsy hiseho . Mino izany aho.

**Miharimbola Zahonoany Ravalison :** efa tena miseho ka, na aiza na aiza.

**Jeannine Rakotoarison :** tohanako tanteraka tompoko.

**Tahiana Harinoa Rakotoniaina :** mitsangana mankaiza dia vonjena amin'ny fomba ahoana?

**Vero Andria :** homba anareo Andriamanitra.

**Fanjatiana Rasata :** raha mbola hisy koa ny farany dia tsy ho foana ny fanantenako. Mbola hanohy hivavaka hatrany fa tsy maintsy ho mpandresy indray andro any, na ho ela na ho haingana.

**Zo Esther Ranaivosoa :** ny olana koa dia tena bobakabe lay donto mora fetsen'ny mpandainga dia voavidy vola kely, zaraina menaka, vary... (Mialatsiny @ilay fitenenana fa efa tafahoatra).

## TONONKALO

### *Matahotra mafy ry Mamimbahoaka*

Matahotra mafy ry Mamimbahoaka
Ka efa manomboka ho tena mivoraka.
Ny tena ahiany, tsy basy mipoaka
Fa ny siotsioka sy ireo horakoraka.

Hanao fianianana, handray fahefana
Kanefa ny tahotra no tonga aloha !
Sa dia tsapa fa nisy ny andinin-dalàna
Manintsana tsy hofidiana ho filoha ?

Ny eritreritra ve no efa tena misidina ?
(Eny amin'ny avo vao tra-pahoriana !)
Ka nony mba miondrika mijery midina,
Dia indro fefiky ny fanahiana ?

Matahotra mafy ry Mamimbahoaka
Fa hay tsy nandeha tamin'ny lala-mahitsy,
Ka tonga sahady amin'ny ampamoaka,
Satria ireo nifidy azy vitsy dia vitsy ?

…Izay hoe fianianana ho vita ihany.
Izay hoe siotsioka dia azo fefena,
Fa ny olon-tsy marina, tsarovy hatrany :
Tsy mendrika hitantana ny firenena !

*DADAN'i ZINA (13-12-23)*

FANABEAZANA HO OLOM-PIRENENA VANONA

# Fanabeazana ho Olom-pirenena Vanona



*Ireo mpampiofana amin'ny Fanabeazana ho Olom-pirenena Vanona, na FOV.*

Manampy antsika eto Madagasikara, amin'ny fanabeazana ho olom-pirenena vanona amin'izao fotoana ny fikambanana iraisam-pirenena miasa eto. Nivory sy niofana nandritra ity herinandro ity ireo mpampiofana amin' ity sehatry ny fanabeazam-bahoaka ho olom-pirenena ity. Tao amin'ny « Hôtel des Thermes » Antsirabe faritra Vakinankaratra, no nanatanterahana ny atrikasa mikasika ny fanomanana ny fampiofanana ireo mpampianatra hisahana ny Fanabeazana ho Olom-pirenena Vanona na FOV, eo anivon'ny sekoly ambaratonga faharoa (CEG) nanomboka ny alatsinainy lasa teo ary nifarana androany. Raha atambatra, kaominina aman-jatony ao anatin'ny faritra 5 eto Madagasikara no hisitraka ny tetikasa mandritra ny 5 taona dia ireo kaominina amin'ny faritra Analamanga, Sava, Menabe, Analanjirofo ary Atsinanana. Ity tetikasa ity dia vokatry ny fiarahamiasa amin'ny « Programme des Nations Unies pour le Développement » (PNUD) : Fandaharanasan'ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana, sy ny « Agence Américaine pour le Développement International » (USAID): Sampandraharaha Amerikana momba ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena. Mikorosy fahana tokoa ny fanabeazam-bahoaka ho olom-pirenena eto amintsika, izany dia tao aorian'ny fanonganam-panjakana nataon-dry Rajoelina sy ny forongony, hatramin'ny taona 2009, anisan'ny maha-zava-dehibe ny fanapariahana ny fanabeazana ho olom-pirenena toy izao ary irariana ny hiparitahan'izany amin'ny faritra 23.

**Isambilo**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fikaonandoha nataon'ny ARFM : Antenimieran'ny Raiamandreny ara-dRazana sy Foko Malagasy, teny Mandriambero Ambohidratrimo, ny alarobia sy ny alakamisy teo.





